« SENDIKA MATANJAKA - ANTOKY NY FANDROSOANA LOVAINJAFY »

ATAMBARO NY HERY !
MITOHY NY TOLONA !

# VINA SENDIKALY

## 2019-2024

RANDRAMBAO
SENDIKALY
CTM - SSM

# VINA SENDIKALY

## 2019-2024

# I. RANDRAMBAO SENDIKALY_ CTM_SSM

Misongadina ny Randrambao sendikaly_CTM_SSM eo amin'ny tolona sy ny fiarovana ny zo sy ny tombontsoan'ny mpiasa eto Madagasikara.Ny "Conférence des Travailleurs de Madagascar" (CTM) sy ny "Solidarité Syndicale de Madagascar" (SSM) ny vondron-tsendikaly roa lehibe indrindra mandrafitra azy.

Ny taona 2017 no nanomboka izany fiaraha-miasa izany ary mivondrona ao amin'ny Randrambao sendikaly_CTM_SSM avokoa ireo mpiasa amina sokajin'asa rehetra : ny mpiasam-panjakana, ny mpiasa amin'ny sehatra tsy miankina amin'ny fanjakana, ny mpiasa an-dranomasina, ny mpiasa tena (mpanao asa tanana, mpivarotra, mpamboly sy mpiompy, polisy,artista,...).

# II. HAVAOZINTSIKA NY TOLONA SENDIKALY!

Mampiray ny feon'ny mpiasa sy ny sendikà ny Randrambao sendikaly_CTM_SSM :

Mampiofana ny mpitarika sendikà sy Manabe ny mpiasa mba hitaomana azy ireo handray anjara mavitrika ao anaty sendikà.

Mikendry ny fampananana asa mendrika amin'ny alalan'ny tan-tsoroka miaraka amin'ny SIM, FIVMPAMA sy ny CREM : « Aliance pour l'Industrialisation durable » ; « Baromètre de l'industrialisation ».

Mamolavola sy manolotra izao vina sendikaly izao mba ho ara-drariny sy hahitana fahombiazana ny fifampitondrana eto Madagasikaraeo amin'ny sehatra politika, toe-karena sy sosialy ary kolotoraly.

Mampivelatra ny sendikà eo amin'ny sehatra rehetra manerana ny Nosy.





# III. FANALAHIDIN'NY FANDROSOANA LOVAINJAFY NY SENDIKA

Mandray an-tanana ny fiainan'ny mpiasa sy ny fiainam-pirenena ny sendikà.

Araka izany, ny fitokonana dia zo fototra sady ala nenina faranyitadiavam-bahaolana, fa ny kolotsaina mandala ny fiaraha-miombon'antoka sy ny fifampiresahana nomampahomby ny fifampitondrana sy ny famokarana.

Ny sendikà dia antoka mampandroso sy mampirindra ny fiaraha-monina, satria :

- Samy mahazo tombonyamin'ny hari-karena na ny mpiasa na ny mpampiasa rehefa misy ny fifampiraharahana iombonana
- Miroborobo ny toe-karena izay andraisan'ny mpiasa anjara mavitrika na amin'ny famokarana, na amin'ny fanjifana
- Mari-toerana ny fitondram-panjakana rehefa mirindra ny fitantanana ara-politika, ny sehatra sosialy, ny toe-karena ary ny kolotsaina.



Ny zava-misy mantsy dia mivaona amin'ny maha izy azy indraindray ny mpitarika sendikaly noho ny tsindry sy ny fanambatambazana tombotsoa manokana ataon'ny fanjakana na ny mpampiasa. Amin'ny ankapobeny dia samy tsy manana finiavana ny hamaha ny olana sedrain'ny mpiasa na ny mpitondra na ny mpampiasa. Koa zary raiki-tapisaka ao an-tsain'ny maro ny fiheverana fa ny sendikà dia fitaovana politika, mpanakorontana, fahavalon'ny fanjakana sy ny mpampiasa.

Matetika dia ataon'ny fanjakana sy ny mpanao politika fitaovana hakana na hitazomana fahefana ny sendikà. Ataon'izy ireo fitaovana fakana hevitra ihany koa mba hampitony ny hetsiky ny mpiasa kanefa ajanony ho tolo-kevitra fotsiny ny avy amin'ny sendikà fa tsy misy fanatanterahana ka lasa fampanantenana poakaty. Ny sendikà rahateo moa tsy nanana vina sy fomba fiasa mazava mitodika amin'ny politikam-panjakana mba hijery akaiky ny fiainan'ny mpiasa.

Maro nympampiasa no minia tsy manatanteraka ny didy aman-dalàna mifehy ny asa. Tsy tomombana ny fanaraha-maso ny fampiharana ny lalàna. Manjaka ny kolikoly sy ny hosoka. Tsy mahalala ny farafahakeliny amin'izay tokony ho zony sy adidiny ny ankamaroan'ny mpiasa. Tsinontsiniavina ny didim-pitsarana izay manamarina ny fitakiana nataon'ny mpiasa sy ny sendikà. Voahitsakitsaka ny zo maha-olona.

Koa satria maro ny mpiasa no tsy mahalala ny atao hoe sendikà sy ny asany, sady tsy nisy ny vina niarahan'ny mpiasa sy ny sendikà nibanjina mba hahatafita ny hetahetan'ny mpiasa dia vitsy ny mpiasa no miditra sendikà. Marisarisa indraindray ny firaisan-kina ka vao mainka mananosarotra ny asan'ny sendikà ka nahatonga azy ireo hanolotra izao vina manaraka izao.

Ny vina sendikaly dia mamaritra ny firafitra sy ny fifampitondrana eto Madagasikara amin'ny taona 2024.

# NY VINA SENDIKALY MOMBA NY FIRAFITRY NY TOEKARENA SY NY SOSIALY

# 1

# NY VINA HO AN'NY TOEKARENA SY NY SOSIALY

## I. VINA

*"Salama sy mari-toerana ny toekarena eto Madagasikara amin'ny taona 2024 satria mamokatra tsara ny mpiasa noho ny dinika sosialy mahomby eo amin'ny fanjakana, ny mpampiasa ary ny sendikà.*

*Miara-mikaondoha ny telotonta (sendikà/mpiasa, fanjakana, mpampiasa) mba hifototra amina firafitra mampiroborobo ny FAMPANANANA ASA ny fiharian-karena : ny fampananana asa feno ("plein emploi"), ny fampananana asa mamokatra ("emploi productif") ary ny fampananana asa mendrika ("emploi décent").*

*Miara-manatanteraka ny vokatry ny fikaonan-doha ny telo tonta mba ho voahaja ny didy aman-dalàna, mba hirindra ny dinika sosialy sy ny dinika politika, hivoatra ny fiainan'ny mpiasa ary hamelona ny toekarena izy amin'ny maha-MPANJIFA azy."*

## II. NY ZAVA-MISY MOMBA NY TOE-KARENA SY NY SOSIALY

*"Misy fifandraisany ny olana ara-toekaren'ny firenena sy ny tsy fanajàna ny zon'ny mpiasa", **Nelly Rakotobe, mpitsara teo aloha ary manam-pahaizana manokana momba ny zo sy adidy arak'asa,**[1]*

Ny 6 isan-jaton'ny mpiasa fotsiny no manana asa voaaro[2]
Roa taona, amin'ny ankapobeny, vao azo ny fanonerana ny vola lany amin'ny fitsaboana ny mpiasam-panjakana[3]

Tsy mbola hita soritra izay **VINAM-PIRENENA** natolotry ny mpanao politika hatreto, ka mba mampifanindran-dalana sy mampitovy tantana ny toekarena sy ny sosialy mba tena hampandroso ny olombelona

Mandringa ireo fototra efatra ho an'ny **ASA MENDRIKA** :

1. tsy mahomby ny fampananana asatena mamokatra : ny asa an-tselika no betsaka[4], ary tsy mifanaraka amin'ny mari-pahaizana, tsy mahavelona ny karama ; manjaka ny kiantranoantrano sy ny fifaninanana tsy ara-dalàna eo amin'ny fandraisana ho mpiasam-panjakana

---

[1] *Nalaina tao amin'ny Gazetiko tamin'ny 27.5.17*
[2] *xxxxx*
[3] *Nivoaka tao amin'ny Gazetiko tamin'ny 13.5.17*
[4] *93 % ny asa dia atao ao amin'ny sehatra tsy manaradalana « Secteur informel » Araky ny atontan'isa 2013*

2. tsy voahaja ny zo sy adidy eo amin'ny asa

3. tsy tomombana ny fiahiana ara-tsosialin'ny mpiasa sy ny ankohonany

4. tsinontsinoavina ny dinika sosialy eo amin'ny mpampiasa sy ny mpiasa

Tsy mandrisika ny famoronana asa mamokatra sy mendrikany tetika ho an'ny **FIHARIAN-KARENA**[5].

- efa lany andro ny programam-pampianarana sy fiofanana, tsy mifanaraka amin'ny filàn'ny fiharian-karena ;
- gaboraraka ny fitantanana ny loharanon-karem-pirenena sy ny akora ; kely ny tombony azo avy amin'ny fitrandrahana ny harena an-kibon'ny tany sy ny fanondranana[6] ny akora tsy voahodina;
- tsy mifanaraka amin'izay ilain'ny orinasa ny angovo[7], fa sady lafo vidy, no kely hery ; tsy ahafahana manorina orinasa vaventy ny sehatra fampindramam-bola ; tsy voatrandraka araka ny tokony ho izy ny teknolojia sy ny fifandraisana ; tsy ampy no sady marefo ny fotodrafitrasa ;
- sady mitarazoka no anjakan'ny kolikoly ny raharaha karakaraina eny anivon'ny fitondram-panjakana ; misy ny ny mizana tsindriana ila eo amin'ny orinasa Malagasysy ny orinasa vahiny amin'ny lafiny rehetra (hetra, fitantanana mpiasa,…)= iharan'ny antsojay sy fanavakavahana ny orinasa malagasy

# III. NY FITAKIAN'NY MPIASA

## 1-1-Hajaina ireo fenitra sosialy voalazan'ny LALÀMPANORENANA, 2010, ary ny Filohan'ny Repoblika no miantoka izany (art.45)

### *Lalàmpanorenana - SAVARANONANDO*

- Hajaina ny Fifanekena iraisam-pirenena momba ny zo ara-toe-karena, ara-tsosialy, sy ara-kolotsaina (« Pacte international relatif aux droits économiques, sociaux et culturels ») **(and. 7 et 8).**

- Hajaina ireo Fenitra iraisam-pirenena momba ny asa izay tanterahana amin'ny alalan'ireo Programa momba ny Hevitra sy Zo Fototra eo amin'ny Asa (HZFA) sy ny Asa mendrika.

[5] *Raha tombanana ho 10 000 000 eo ho eo ny olona afaka miasa (15 taona-64 taona) dia 350 000 eo ho eo ny voasoratra ho mpiasa ara-dalana eo amin'ny sehatra miankina sy tsy miankina.*
[6] *309,71 Millions USD ny fatiantoka ara-barotra tamin'ny taona 2016 araka ny voalazan'ny CREM*
[7] *15 % ny malagasy no misitraka angovo araka ny ministeran'ny angovo ny taona 2017 araka ny tatitra nataon'ny C.D.E*

*“Ny tanjona dia ny fahazoan’ny lehilahy sy ny vehivavy asa mendrika sy mamokatra, ao anaty fahalalahana sy hitsiny, voaaro ary manana ny haja maha olombelona. Anisan’ny andrasana ny hankatoavan’i Madagasikara ireo fifanarahana mametraka ny fenitra ho an’ny mpiasa an-dranomasina, ny mpiasa an-trano ary ireo mpiasa mpifindra monina”*[8],

## Lalàmpanorenana - LOHAHEVITRA II - Ny fahafahana, ny zo, ary ny adidin’ny olompirenena – ZANA-DOHAHEVITRA II – Ny zo sy adidy ara-toekarena, sosialy, kolotsaina

- Zon’ny olompirenena ny hahazo fiofanana araka asa sy ny hanana asa, ary manana zo mitovy hiditra ho mpiasam-panjaka izy ireo **(art.27)**.

- Voarara ny fanavakavahana eo amin’ny sehatry ny asa noho ny maha-lehilahy na vehivavy, noho ny taona, noho ny finoana, noho ny firehan-kevitra, noho ny fiaviana, noho ny maha-mpikambana ao amin’ny sendikà **(art.28)**.

*“Ireo sahy miteny sy misolo-tena tokoa ny mpiasa dia iharan’ny antsojay sy ny fandrabirabiana.”*[9],

- Atao ara-drariny ny fanaramana **(art.29)**.

- Zon’ny olompirenena tsirairay ny hanana fiarovana sosialy **(art.30)**.

*“Maro ireo mpiasa natoky ny mpampiasa ka tsy nanara-maso ny fandrotsahan’ny mpampiasa ny latsakemboka any amin’ny CNaPS, ka tojo olana satria tsy mahazo fisotroan-dronono.Ireo mpiasa amin’ny orinasam-panjakana sy ireo mpiasa any amin’ny vondrom-bahoaka itsinjarampahefana tsy mbola mpiasam-panjakana no matetika iharan’izany! Antony iray niforonan’ny hetsika sendikàly eny anivon’ny kaominina io tsy fijerena ny fisotroan-dronon’ny mpiasa io. Ny olana dia ny tsy fahafantaran’ny mpiasa ny zony”*[10]

- Malalaka ny fidirana sendikà **(art.31)**.

- Mandray anjara amin’ny fanapahankevitra momba ny didy aman-dalàna mifehy ny asa sy ny fepetra iasana ny mpiasa amin’ny alalan’ireo solotenany **(art.32)**.

*“Safidy malalaka no ilaina amin’ny fisafidianana ny solontenan’ny mpiasa fa tsy tokony hisy teritery avy any amin’ny mpampiasa. Tadidio fa tsy ny mpiasa ihany no mahazo*

---

[8] *Lauréat Rasolofoniainarison, mpitantana nasionaly ny tetikasa “BIT/PDFT-PAMODEC” tao amin’ny Gazetiko tamin’ny 29.7.17*

[9] *Lovasoa Fetra Harinoro, sekretera jeneraly lefitra ao amin’ny FIraisan’ny SEndikàn’ny mpiasan’i MAdagasikara, FISEMA ,tao amin’ny Gazetiko nivoaka tamin’ny 11.11.17*

[10] *Fidson Ranaivomalala, sendikàlista, miasa amin’ny Kaominina any amin’ny faritra Vakinankaratra, tao amin’ny Gazetiko nivoaka tamin’ny 3.3.18*

*tombotsoa amin'ny fisian'ny solotenan'ny mpiasa eo anivon'ny orinasa sy ny fananana solontenan'ny mpiasa voafidy araka ny fitsipika. Manana adidy sy andraikitra lehibe ny solotenan'ny mpiasa amin'ny fampiroboroboana ny orinasa. Noho izany dia tena misy tombontsoa ho an'ny mpampiasa tokoa ny fisian'izy ireo eo amin'ny orinasany".*[11]

- Manana zo hitokona ny mpiasa **(art.33)**.

## 1-2- RAFITRA mampivoatra ny asa sy ny mpiasa ary mampahomby ny famokarana no miandraikitra ny Tontolon'ny asa sy ny Toekarena

### *ANTENIMIERA*

- Ao anivon'ny Antenimiera dia KAOMISIONINA tokana hatrany no misahana ny asam-panjakana, ny asa, ny fampananana asa, ny sehapamokarana ivelan'ny fenitra, ary ny fiahiana sosialy.

- Arindra ny fifandraisan'izany kaomisionina izany amin'ny sendikan'ny mpiasa sy ny sendikan'ny mpampiasa. Atao izany hahafahan'ireto farany manazava ny zava-misy sy manome tolo-kevitra ary mandray ny tatitra sy ny vaovao.

- Arindra ihany koa ny fifandraisan'io kaomisionina io amin'ny Filankevitra momba ny toekarena sy ny sosialy ary ny kolotsaina (CESC[12]).

### *GOVERNEMANTA FOIBE SY IFOTONY*

- Minisitera na Departemanta tokana mahatapakevitra no misahana ny asam-panjakana, ny asa, ny fampananana asa, ny asa famokarana ivelan'ny fenitra, ary ny lalàna sosialy.

- Misaraka mazava ny andraikitry ny Fanjakana eny ifotony, dia ny Sampandraharam-panjakana[13] andaniny, sy ny Solontenam-panjakana (Prefektiora sy Distrikta), ankilany, mba hialàna amin'ny fandrirariràna ny mpiasa.

- Ivotoerana tokana no mandrindra ny fampananana asa sy ny fampiofanana arak'asa (ho an'ny mpianatra, ny mpiasa ary ny mpitady asa), ary mampifanojo izany amin'ny filàna sy ny fivoaran'ny toekarena.

- Mifantoka amin'ny fambolena sy ny fiompiana ary ny fananganana ny fotodrafitrasa. Hampiroborobo ny fampananana asa sy ny fandriampahalemana eny ifotony ny tafi-bahoaka[14] voaomana ho amin'izany

---

[11] *Zarazafy Tania, Lehiben'ny Sampandraharam-paritry ny Asa sy ny Asa sosialy tao amin'ny Gazetiko nivoaka tamin'ny 7.10.17*
[12] *Conseil Economique, Social et Culturel*
[13] *Direction régionale*
[14] *"Service Civique" - "Génie militaire"*

## DINIKA POLITIKA

Ny Governemanta, ny Antenimiera, ny vondron'ny mpiasa, ny vondron'ny mpampiasa, ary ny fiarahamonimpirenena no mandray anjara amin'ny dinika politika eo amin'ny efatonta sy ny telotonta :

### CESC – Rafitra efatonta Filankevitra mifandray amin'ny Antenimiera

- Mijoro sy miasa araka ny voafaritry ny Lalampanorenana ny CESC.

Amin'ny alalan'ny CESC no ifampitondran'ny fanjakana amin'ny mpiasa, ny mpampiasa sy mpandraharaha, ary ny fiarahamonimpirenena momba ny dinika politika mahakasika ny toe-karena, ny sosialy ary ny kolotsaina.

Laharampahamehana ho an'ny CESC ny fandinihana ny hitarihana ny seha-pamokarana ivelan'ny fenitra ho tafiditra amin'ny ara-dalàna sy ny ara-drariny amin'ny lafiny fandraharahana sy ny lafiny sosialy.

### CSTE – Rafitra telotonta Filankevitra sy Mpanara-maso mifandray amin'ny Fiadidian'ny Governemanta

- Atsangana ny Vaomiera nasionaly momba ny asa sy ny fampanana asa (CSTE[15])

Ny CSTE dia rafitra telotonta Filankevitra tsy azo ihodivirana ho an'ny Fiadidian'ny Governemanta, misahana ny raharaha rehetra mikasika NY TONTOLON'NY ASA SY NY FANDRAHARAHANA ARY NY FANABEAZANA :

Manolo-kevitra amin'ny fanomanana ny volavolan-dàlana sy ny didy isan'ambaratongany ary ny programam-panjakana ;

Manara-maso ny fanatanterahana ny didy aman-dalàna sy ny tolo-kevitra rehetra mikasika ny tontolon'ny asa sy ny fandraharahana ary ny fanabeazana

Manao fanadihadiana sy manome ny heviny momba ny fanendrena ny mpiasam-panjakana ambony.[16] Mankamin'ny Governemanta sy ny **Andrimpanjakana fahefatra Mpanaramaso sy Mpanabe ary Mpanaitra**[17]

Manao ny fitoriana eny amin'ny fitsarana mahefa.

Ireo solontena avy amin'ny CNT, CSFOP, CESC no mandrafitra ny CSTE.

[15] *Conseil Supérieur pour le Travail et l'Emploi*
[16] *Enquête de moralité et de compétences*
[17] Quatrième pouvoir de contrôle, d'éducation et d'interpellation

## *DINIKA SOSIALY*

- Ny Governemanta sy ny CSTE no manara-maso ny fampiharana ny dinika sosialy eo amin'ny roatonta sy ny telotonta :

### Ny Dinika Sosialy isa-tsokajinasa :

- Ho an'ny asam-panjakana : **CSFOP** ;
- Ho an'ny sehatra tsy miankina, ao anatin'izany ny asa eto an-toerana sy ny asa any ivelany ary ny asa an-dranomasina : **CNT** ;
- Ho an'ny sehatra ivelan'ny fenitra : ampidirina ho « mpikambana tsy maharitra » anaty CNT ho famolavolana azy amin'ny ara-dalàna sy ny ara-drariny, ka misy solotenan'ny mpiasa any amin'ny sokajy « mpiasa », ary misy solotenan'ny mpandraharaha any amin'ny sokajy « mpampiasa ») ; Ao ihany koa ny **Tranoben'ny Tantsaha** sy ny **"Chambre de métiers"**;

### Ny Dinika Sosialy isan'ambaratonga : Atsangana isaky ny toeram-piasana sy ny minisitera ny sendikà

- Eo amin'ny firenena sy ny iraisam-pirenena : **CSFOP**, **CNT** ;
- Isaky ny Minisitera sy ny Andrimpanjakana (araka ny Sata ankapoben'ny mpiasam-panjakana) : **Solotenan'ny mpiasam-panjakana**[18] sy ny **Vaomiera tambadroa**[19] anivon'ny Ministera na ny Andrim-panjakana, izay sehatra anaovana fifampiraharahana sy fanaraha-maso ny fitantanana ny maha-olona, ny fitaovana ary ny vola ao anivon'ny ministera, ary afaka mitondra ny raharaha any amin'ny ambaratongam-pahefana miady amin'ny fanjakana sy ny IGE[20].
- Isa-paritra : **CRTT**
- Isaky ny toeram-piasana amin'ny sehatra tsy miankina : ny **Solotenan'ny mpiasa** sy ny **Komitin'ny orinasa** ;

### ZO SY ADIDY NY MIOFANA ho amin'ny Dinika sosialy sy ny Dinika politika

- Havaozina hifanaraka amin'ny vinam-pirenena sy ny filàn'ny telotonta amin'ny seha-pamokarana rehetra ny **Ivotoeram-pirenena misahana ny asa**[21] ;
- Miofana isaky ny roa taona momba ny Dinika sosialy sy ny Dinika Politika ary ny Fiahiana sosialy ny **tomponandraikitra mpitantana ny mpiasa**[22] ;
- Miofana isaky ny roa taona momba ny Dinika sosialy sy ny Dinika Politika ary ny

---
[18] *Représentant du personnel*
[19] *Commission paritaire ministérielle ou institutionnelle*
[20] *Inspection Générale de l'Etat*
[21] *Institut National du travail*
[22] *Responsable de la gestion oumanagement des ressources humaines*

Fiahiana sosialy ny **solotenan'ny mpiasa** sy ny **tomponandraikitra mpampiofana**[23] sy **mpifampiraharaha**[24] eo anivon'ny sendikà ;

- Malalaka ny **mpiasa rehetra** tsy ankanavaka hamonjy ny fiofanana karakarain'ny sendikà ;

- Ampidirina any amin'ny **programam-pampianarana sy fiofanana araka asa** ny anto-ny sy ny fanaovana ny dinika sosialy sy ny dinika politika ary ny fiahiana sosialy.

**VOAMARINA SY AHITAM-BOKATRA ny Dinika sosialy sy ny Dinika politika,**

ka ny mari-drefy amin'izany dia :

- Mijoro sy miasa ireo **rafitra** rehetra anaovana dinika politika sy dinika sosialy ary manana ny toeram-piasany sahaza (birao misy "wifi");

- Vita fanavaozana ny **politika sy programam**-pirenena ary ny **didy aman-dalàna** momba ny tontolon'ny asa sy ny fandraharahana ary ny fanabeazana;

- Tafapetraka avokoa ny **fifanarahana iombonana**[25] ("Convention collective") isa-tseha-pihariana sy isaky ny toeram-piasana;

- Omena **toerana iasanany sendikà** (birao sy "wifi") isaky ny toeram-piasana ahafahany manomana ny fifampiraharahana.

## 1-3- ASA MENDRIKA ho an'ny olom-pirenena rehetra

### *ASAM-PANJAKANA*

- Ankatoavina ny Fifanarahana Iraisam-pirenena OIT laharana faha-**151** momba ny mpiasam-panjakana.

- Havaozina ny **Sata ankapoben'ny mpiasam-panjakana**, avoaka ireo didy fampiharana ary tanterahana :

Tanterahana avy hatrany ny **fampitoviana ny marikarama**[26] ho an'ny mpiasam-panjakana rehetra, araka ny vokatry ny fanadihadiana natao tamin'ny Jona 2017 tao anatin'ilay tetikasa « sendikà matanjakà antoky ny fandrosoana lovainjafy »[27] ;

Ampitovina **ny andran'asa** amin'ny asam-panjakana : Soloina ho CDD[28] mandritra ny

[23] *Formateur syndical*
[24] *Intervenant/négociateur*
[25] *Convention collective*
[26] *Alignement des grilles indiciaires des agents de l'Etat*
[27] *Projet "syndicat fort – agent de développement durable, CTM-SSM-FES-Fonds commun multibailleurs d'appui à la Société Civile de Madagascar*
[28] *Contrat à durée déterminée*

1 taona indroa miantoana ny ECD,ELD, EFA[29], aorian'izay dia mivadika ho mpiasam-panjakana raikitra avy hatrany ;

Foanana ireo sekoly ambony nasionaly manofana mpiasam-panjakana (ENMG, ENAM, INFA, IMATEP, CNEAGR, ENAP[30]) fa hatsangana kosa ny **lalam-piofanana « administration publique » isaky ny oniversitem-paritra** ;

Apetraka isaky ny oniversitem-paritra ihany koa ny lalam-piofanana momba **ny « haitarika » sy ny « fananganana orinasa madinika sy salantsalany »** ;

Asiana mason-tsivana ny fanendrena ireo mpiasam-panjakana ambony mba ialàna amin'ny fampanjakana ny kiantranoantrano[31] ara-politika sy ara-pihavanana :

- Apetraka ho ara-dalàna ny **Vaomiera momba ny fitantanana ny mpiasam-panjakana**[32] izay mandrindra ny filàn'ny Faritra samihafa sy ny Fanjakana foibe : CNGRH – CRGRH
- Andraikitry ny CSTE ny mandravona ny tolokevitra sy manara-maso ny "fampidirana[33]" sy ny "fanapariahana[34]" ny mpiasam-panjakana ary ny fanendrena ny mpiasam-panjakana ambony[35] :

  Manaraka ny mason-tsivana nofaritana, ary manaja ny paika[36] voafaritry ny didy aman-dalàna ny fampidirana sy fanapariahana ny mpiasam-panjakana

  Mifanandrify amin'ny filàna eo amin'ny asam-panjakana ny fampidirana sy fanapariahana ny mpiasa ;

  Mihatsara ny fepetra iasan'ny mpiasam-panjakana eny ifotony (trano fonenana, fitaovana iasana, fitaterana,…) ary ny Faritra no miantoka izany ;

- Havaozina ny fifampitondrana eo anivon'ny Tafika sy ny Polisim-pirenena ary ny Zandarimariam-pirenena :

  Ireo rehetra nahavita fanompoampirenena ara-tafika[37] dia mahazo miditra ho miaramila raikitra[38] daholo ; ary laharampahamehana amin'ny fidirana amin'ny sekoly miaramila na polisy na zandary izy ireo rehefa mahafeno ny fepetra ilaina ;

---

[29] *Emploi de courte durée, Emploi de longue durée, Emploi ? Emploi de fonctinnaires et assimilés*
[30] *Ecole Nationale de la Magistrature et des Greffes, Ecole Nationale d'Administration Publique, Institut national de Formation administrative, Institut Malgache des Techniques de Planification*
[31] *Népotisme*
[32] *Commission pour la gestion des ressources humaines de l'Etat*
[33] *recrutement*
[34] *redéploiement*
[35] *Nomination aux hauts employs de l'Etat*
[36] *Procédures de recrutement*
[37] *Service militaire*
[38] *Rengagemen*

Esorina amin'ny Filoham-pirenena ny fampiakarana ny voninahitra ny miaramila manamboninahitra ; Ferana ny isan'ny manamboninahitra ambony arakaraky ny isan'ny miaramila eo ambany fifehezany[39], asiana mason-tsivana mazava tsara ary mandalo Komisionina ;

## KARAMA MENDRIKA

*"(…) Noho ny fasahiranana ara-toekarena, ny ankamaroan'ny mpiasa dia miasa saina lava ny amin'ny karama tsy ampy ivelomany, tsy hahatratrarany ny antsasaky ny volana akory. Misy ny fanarenana tokony hatao na amin'ny fandrisihana ireo mpiasa amin'ny asany na amin'ny fanabeazana amin'ny ankapobeny"*[40]

- Ampitovina ny karama farany ambany[41] mihatra amin'ny sehatra rehetra : asam-panjakana, sehatra tsy miankina, sehatra ivelan'ny fenitra ; ny famaritana ny "**karama isan'ora**[42]" no fenitra iombonana amin'izany ;

  Manaja ny ora iasana ny mpiasa amin'ny sehatra rehetra, ary mampiasa teknolojia amin'ny fanaraha-maso izany.

- Havaozina hifanaraka amin'ny tontolo ara-toekarena ny fanasokajina ny asa[43] ;
- Faritana ara-tsiansa ny feni-pamokarana[44] isaky ny seha-pamokarana ;
- Apetraka ho lalàna ny fampifanarahana[45] isan-taona ny karama amin'ny fisondrotan'ny vidim-piainana ;
- Raiketina[46] amin'ny Fifanarahana iombonana ny fisondrotan-karama vokatry ny fitombon'ny taha-pamokarana[47] isaky ny seha-pamokarana ;
- Marihina fa heloka bevava ny fanodinkodinana sy ny fanamparam-pahefana mahakasika ny volan'ny mpiasa (karama sy tambin-karama, latsakemboka samihafa,…)

## FANDOAVAN-KETRA SY FIAROVANA ARA-TSOSIALY

- Mandoa hetra avy amin'ny vola miditra aminy (IRSA[48])ny mpiasa tsirairay, na mpiasa mpikarama na mpandraharaha ;

---

[39] *Subalternes*
[40] *Rabemananjara Jean Claude, Sekrima – Sendikà Kristiana Malagasy nivoaka tao amin'ny Gazetiko tamin'ny 1.7.17*
[41] *Salaire minimum*
[42] *Salaire horaire*
[43] *Catégories professionnelles*
[44] *Productivity Target*
[45] *Indexation annuelle à l'inflation*
[46] *Avenant*
[47] *Hausse de la productivité*
[48] *Impôt sur les revenussalariaux et assimilés*

- Mandoa hetra ny olom-pirenena tsirairay 21 taona noho mihoatra – ankoatra ny mpianatra na noho ny antony manokana – mba hitovy zo sy adidy ny olom-pirenena rehetra, ary mba hialana amin'ny fidonàna-poana[49] ;

- Ny Faritra no vondrombahoaka itsinjarampahefana manangona ireo hetra ireo ary mampiasa izany ho an'ny fampandrosoana ny faritra ;

- Miainga ao amin'ny Faritra no hahazoana ny antontanisan'ireo mpiasa mandoa hetra, mila misitraka ny fiahiana sosialy.

  - Ny 94 %n'ny asa eto Madagasikara dia tsy manana fiahiana ara-tsosialy

  - Ny 2 isan-jaton'ny mpiasa any ambanivohitra (izay 93 % n'ny Malagasy) no manana fiahiana ara-tsôsialy. Nalaina tao amin'ny gazetiko, nivoaka tamin'ny 6.5.17

- Misitraka ny fiarovana ara-tsosialy ny mpiasa rehetra, ary isan'izany ny mpiasa tena sy ny tsy an'asa : fisotroan-dronono, fiahiana ara-tsosialy, fanohanana ireo tratry ny loza sy aretina vokatry ny asa,fikarakarana ny fahasalaman'ny mpiasa sy ny ankohonany, fanohanana nohon'ny tsy fiasana,…) ary mandoa latsakemboka ho an'izany ;

- Mitovy ny fitondrana ny mpiasa rehetra ary kitapom-bola iray ihany no misahana ny fiahiana ara-tsosialy ho an'ny mpiasa rehetra (mpiasam-panjakana, mpiasa amin'ny sehatra tsy miankina sy ivelan'ny fenitra, mpiasa tena) ;

- Apetraka isaky ny Faritra ny CRaPS ahafahana mandoa ny latsakemboka sy manao ny fiahiana ara-tsôsialy ;

- Ny vola avy amin'ny Fanjakana foibe (avy amin'ny fadin-tseranana, ny fifampiraharahana iraisampirenena, ny fitrandrahana vaventy) no manatevina ny kitapom-bolan'ny CNaPS sy ny CRaPS itsinjovana ireo anjoria[50] vaovao : ny mpiasa tena sy ny fahaverezana asa.

- Sokafana amin'ny fiaraha-monim-pirenena ny Filakevi-pitantanan'ny CNaPS ;

*"Tsy misy volan-jaza, tsy afaka manantena fisotroan-dronono satria tsy misy ny fandoavana latsakemboka any amin'ny Tahirim-pirenena momba ny fiahiana ara-tsôsialy. Rehefa misy fotoana tsy iasana, na inona antony na inona, dia tapaka koa ny volanay satria mampianatra isan'ora, na dia sendra marary aza. Amin'io dia ny tena ihany koa no mamoaka am-paosy itsaboana tena fa tsy mikambana amin'ny toeram-pitsaboana iombonana ny sekoly"*[51]

[49] *Loi sur l'oisiveté, 1960*
[50] *Risques*
[51] *R. Olivine, mpampianatra amin'ny sekoly iray eto an-drenivohitra nivoaka tao amin'ny gazetiko tamin'ny 18.11.17*

## FAMPANANANA ASA

- Misokatra an-kalalahana sy ara-potoana ho an'ny olompirenena rehetra ny antontanisa sy ny antontan-kevitra momba ny fampananana asa[52]

  Tsy asiana sary, taona, fiankohonana ny antontan-taratasy itadiavana asa mba hisorohana ny fanavakavahana amin'ny fampananana asa ;

- Ny fanatevenana ny seha-pamokarana amin'ny alalan'ny indostria manodina ny akora avy eto an-toerana no antoka hamoronana asa betsaka, mamokatra, maharitra ary mendrika ;

  Atao hentitra ny fampiharana ny lalàna mikasika ny fampananana asa ataon'ny orinasa vaventy : isan'ny fepetra ahazoany fahazoandalana[53] hanao asa famokarana eto Madagasikara ny famoronana asa betsaka ;

- Hamaivanina ny hetra aloan'ny orinasa vao misokatra mandritra ny fotoana voafetra mba hahafahany mamorona asa ;

  Hamaivanina ny hetra aloan'ny orinasa mamorona asa betsaka (ka asiana mason-tsivana) ;

- Manaja ny lalànan'i Madagasikara ny fifanarahana asa ataon'ny orinasa amin'ny mpiasa vahiny ary vola Malagasy no mari-bola ampiasaina ;

  Ferana ny fe-potana ijanon'ny mpiasa vahiny mba ho fampitana fahaizana sy traikefa ihany no andraikiny ;

  Ferana ho telo ka hatramin'ny enim-bolana farafahabetsany ny andrana asa, ary aorian'izay dia mivadika ho mpiasa raikitra avy hatrany – CDI[54] ) ; foanana ny CDD[55] ; Fehezina ny asa isan'andro[56] lavareny mba hiteraka fampananana asa mendrika sy maharitra ;

- Tohanan'ny Banky Fampandrosoan'ny firenena Malagasy ny tetikasan'ny tanora amin'ny taha ambany ;

  Afaka miara-miombona antoka ny Fanjakana amin'ny alalan'ny SONAPAR izay misintaka tsikelikely ;

- Tohanana ny teratany Malagasy izay manao famoronana sy fanavaozana ("création / innovation") ;

- Foanana ny asa mamoafady amin'ny endriny rehetra ;

---

[52] *Statistiques et informations sur l'emploi*
[53] *Agrément*
[54] *CDI – Contrat à durée indéterminée*
[55] *Contrat à durée déterminée*
[56] *Journaliers*

## DINIKA SOSIALY ANIVON'NY TOERAM-PIASANA

- Vita fiofanana ary miasa an-kalalahana ny Solotenan'ny mpiasa sy ny Solotenan'ny sendikà isaky ny toeram-piasana manana mpiasa 11 no ho mihoatra ;

- Mitsangana ao anatin'ny roa taona (02) farafahaelany ny Komitin'ny orinasa ho an'ny toeram-piasana manana mpiasa 50 no ho mihoatra, ka anisan'ny iandraiketany ny fanomezana tolo-kevitra hanatsarana ny asa famokarana sy ny tontolo iasana, ny fandrafetana Fifanarahana iombonana ary ny fiatrehana ny olana toy ny fampiatoana ara-tekinika[57]" sy ny fandroahana mpiasa faobe amin'ny endriny rehetra ;

- Anaovana fitiliana manokana sy tombanezaka izay iarahan'ny farimbotelo ny fahatomombanan'ny Dinika sosialy sy ny Fahalalahana sendikaly isanambaratongany sy isan-tsokajiny amin'ny alalan'ny CSTE.

## FANABEAZANA SY FIOFANANA MITOHY HO AN'NY MPIASA

- Tafiditra ao anatin'ny programan'ny fanabeazana fototra ny fiofanana arak'asa : fahaiza-manao, fahaiza-miaina amin'ny maha-mpiasa, fahalalana ny lalàna mifehy ny asa ;

- Ampitomboina ny isan'ny sekolim-panjakana manao fiofanana araka asa ary atao mifanentana amin'ny ilain'ny fiharian-karena izany ;

- Amporisihana ny fiaraha-miasan'ny sekoly sy ny orinasa amin'ny fampiofanana ny mpianatra asa[58]

- Adidin'ny mpampiasa ny mandahatra[59] sy manome fiofanana arak'asa eto an-toerana na any ivelany ho an'ny mpiasa am-perinasa tsy ankanavaka ; mandritra ny fiofanana dia mitohy ny asa ary mitohy ny fandraisan-karama ; misy fifanarahana manankery mandritra ny roa taona[60] ifanaovan'ny mpiasa sy ny mpampiasa momba ny hanohizan'ny mpiasa ny asany miaraka amin'ny fisondrotana araka asa sy ny fisondrotan-karama vokatry ny fiofanana ;

- Adidin'ny sampandraharam-panjakana misahana ny asa mendrika sy ny INTRA[61] ny manampy tosika sy manamora ny fanatanterahan'ny mpampiasa sy ny mpiasa ny fiofanana araka asa ;

- Adidin'ny sendikà ny mampiofana ny mpiasa amperinasa hahafehy ny lalàna mifehy ny asa, hanaja izany ary ho sahy mitoroka ireo tranga fandikan-dalàna eo amin'ny tontolon'ny asa ;

- Tanterahana mandritra ny ora fiasana andavanandro ny fiofanana araka asa sy ny fanabeazana ny mpiasa momba ny zony sy ny adidiny ;

[57] *Chômage technique*
[58] *En alternance*
[59] *Planning de formation*
[60] *Engagement biennal*
[61] *Institut National du Travail*

# 1-4- Mitsinjo ny tombontsoan'ny mpamokatra sy ny mpanjifa ny firafitry ny FIHARIANKARENA sy ny TOEKARENA

## *NY INDOSTRIA NO KITRO IFAHARANA*

- Havaozina ny firafitra ara-toe-karena hahatonga ny indostria ho kitro ifaharan'ny toe-karem-pirenena, ary manana andraikitra amin'izany ny fanjakana :

  Andraikitry ny fanjakana ny miaro[62] sy mampirisika[63] ny indostria izay mamorona asa sy mandray anjara betsaka amin'ny fitombon'ny harikarena ;

  Ny ANDI[64] no mandrindra ny fampiroboroboana ny indostria ;

  Atao matotra ny famatsiana ara-bola sy ny fampiroboroboana ny indostria amin'ny alalan'ny FNDI[65] ;

  Manolo-kevitra sy manara-maso ny fanatanterahana ireo fepetra ny CESC ;

## *FEPETRA FIAROVANA*[66]

**Fepetra fiarovana eo amin'ny politikan'ny akora :**

Miroborobo ny famokarana ny akora fototra ampiasain'ny indostria sy ny mpanao asa tanana ;

- Tohanana ny **famokarana** akora eto an-toerana :

  Hasy haodina ho lamba ; Fary haodina ho siramamy ; Palme, voanjo, tournesol, sésame, voanio haodina ho menaka ; Mangahazo haodina ho sakafo, harona, ethanol ; Fasimainty haodina ho loko ; Kraomita, Nickel sy Cobalt haodina ho fitaovana samihafa ; Vy haodina ho an'ny fampitaovana sy fiara (ho an'ny famokarana eny amin'ny tontolo ambanivohitra) ary asa fanorenana (BTP) ;

- Tohanana ny **fambolena sy ny fiompiana** :

  Hamoraina ny paika fanoratana ny tany ; Hamoraina ny fahazoana tanim-panjakana ho an'ireo mivelona amin'ny fambolena sy ny fiompiana ; Ampiroboroboina ny fifindra-monina ho an'ny fambolena sy ny fiompiana ; Atao tanjona ny fahavita-tena ara-tsakafo[67]

---

[62] *mesures protectrice*
[63] *mesures incitatives*
[64] *Agence Nationale de Développement de l'Industrie*
[65] *Fonds National pour le Développment Industriel*
[66] *Mesures protectrices*
[67] *Autosuffisance alimentaire*

- Arovana ny **jono** :

  Ampitomboina ny isan'ny Polisy[68] manara-maso ny sisintany sy ny fari-dranomasina[69] ; ary hamafisina ny fampitaovana azy ireo : mividy sambo sy helicoptère, manofa satellite ; araha-maso ny fampiharana ny bokinandraikitra sy ny lalàna mikasika ny jono ;

- Atao hentitra ny fanaraha-maso ny **akora mialohan'ny fanondranana** ataon'ireo orinasa mpitrandraka ny harena voajanahary (an-kibon'ny tany, an-dranomasina) ; havaozina ny fifanarahana ;

- Tohanana ny **fanodinana indray**[70] ny akora efa niasa :

  Fako haodina ho zezika, angovo, tao- trano ; Poti-kazo sy lamba tonta haodina ho taratasy ; Poti-by haodina ho vy ; plastika haodina ho fitaovana isan-karazany

- Ajanona ny **fanondranana** ny akora fototra tsy voahodina :

  Rambon'omby, hoditra, tandrok'omby, rofia, landy, fasimainty sy ireo harena an-kibon'ny tany hafa ; harena an-dranomasina

  Ampirisihana ny fanodinana ireo eto an-toerana mba hampitombo ny harikarena sy ho fampananana asa, ary hiantohana ny fisian'ny akora fototra hampiasain'ny mpanao asa tanana sy ny indostria

*"Omby miisa 50-80 no vonoina ao amin'ny toerana famonoana omby isanandro. Roa taona lasa dia 1 500 Ar ny vidin'ny laingondrambon'omby anaovan'ny mpanao asa tanana borosy isan-karazany. Ankehitriny dia tsy misy hovidin'ny mpanao asa tanana intsony satria vidin'ny vahiny ambongadiny. Tahaka izany koa ny hoditr'omby sy ny tandrok'omby"[71].*

  ***Atsangana ny indostria vaventy manodina ny vy, ny vato (fasimainty, kraoma, Nickel, Cobalt, Granit,…). Ampiasaina ny manam-pahaizana Malagasy nahavita fianarana ;***

  ***Arindran'ny Banky Foiben'I Madagasikara ny fitantanana ny fandraharahana ny volamena[72] – ny fividianana na ny fivarotana – hanafoanana ny fanondranana tsy ara-dalàna ataon'ny olon-tsotra indrindra fa ireo teratany vahiny ;***

- kajiana ny tahirin-karena holovain'ny taranaka ;

[68] *Police des frontières*
[69] *Zone maritime*
[70] *recyclage*
[71] *Raveloarison, Sendikalista S3MA*
[72] *Comptoir de l'or*

Arovana ny tontolo iainana ; Hamafisina ny fitantanana ny faritra voaaro (« aires protégées ») : Atao tonga eny ifotony ny hoentimiasa (olona, fitaovana harifomba (helicoptère, sambo,…)) ; Tohanana sy arovana ny asa fambolena sy fiompiana mba hananan'ny mponina manodidina ny faritra voaaro foto-pivelomana mahomby ; Averina amin'i Madagasikara ireo nosy kely manodidina ; Averina amin'i Madagasikara ny tany namidin'ny mpitondra fanjakana tamin'ny vahiny ; Averina dinihina ny amin'ny ZES[73] ;

### Fepetra fiarovana eo amin'ny politikan'ny varotra :

- Ferana ny fanafarana ny entana izay efa vokarina eto an-toerana ; voakasik'izany ny tsenam-baro-panjakana[74]

*"Manapotika ny "confection" sy ny "indostria mamokatra lamba sy akanjo" ny "friperie" ; Manapotika ny orinasa mamokatra savony ny fanafarana savony avy any ivelany ; tahaka izany koa ny rononomandry, ny lafarinina, ny menaka, ny fanaka"*[75]

- Amporisihana ny fampidirana ny fitaovam-pamokarana ilain'ny indostria

- Madio ny fifaninanana[76] : Tsy misy ny fanomezana tombondahiny na tombontsoa manokana ho an'ny orinasa iray na vitsivitsy ;

- Tsy maintsy mipetraka avokoa ny etikety famantarana ny Vita Malagasy ho an'ny vokatra rehetra tsy ankanavaka vokarina eto an-toerana (na ho an'izay hamidy eto na ho an'izay haondrana mankany ivelany) : havaozina ny bokinandraikitra[77]

- Ny entana tsara no hafarana (« première qualité ») ; Atao hita soritra[78] ny fanafarana entana avy any ivelany (ny fiaviany sy ny fiafarany) : ny fanjakana sy ny CESC no manara-maso, ny Tranoben'ny varotra mandrindra araka ny mason-tsivana faritan'ny CESC ;

*"Kojakoja ho an'ny moto no ampidiriny mba tsy handoavany haban-tseranana ambony, kanefa moto no amidiny ary hahazoany tombony mihoampampana"*[79]

- Atao zakan'ny sarambabem-bahoaka ny vidin'entana ho an'ny varotra anatiny ; Tohanana ara-pitaovana sy ara-bola ny famokarana ataon'ny indostria mba tsy hidangana ny vidin'ny entana vokarin'ny indostria ; Sahaza ny filàn'ny indostria ny vidin'ny angovo ampiasainy ;

- Voaara-maso ny kalitaon'ny entana vokarina eto an-toerana (madio, ara-pahasalamana, manaraka mason-tsivana) ; Tohanana amin'ny fiofanana ny indostria ;

---

[73] *Zone Economique Spéciale*
[74] *Marchés publics*
[75] *Barson Rakotomanga, SSM*
[76] *Concurrence libre et loyale*
[77] *Cahier de charges*
[78] *Traçabilité"*
[79] *Mpiasa amin'ny tranoimbarotra tsy mitonona anarana*

**Fepetra fiaovana eo amin'ny politikan'ny fizahantany :**

- Foanana ny "Ofisin'ny fizahantany" fa omena lanja ny sampandraharaham-paritra misahana ny fizahantany isorohana ny fifanitsahana andraikitra ;

- Apetraka ny "Régisseur des recettes" eny anivon'ny sampandraharaham-paritra ary izy no mandrotsaka ny vola miditra avy amin'ny fizahantany any amin'ny sampandraharahan-ketra eny anivon'ny Faritra ;

- Ny Faritra no mandinika ny tetika hampandrosoana ny fizahantany sy ny tetibola ilaina ho amin'izany ;

## *FEPETRA FAMPORISIHANA*[80]

**Fepetra fampirisihana eo amin'ny politikan'ny fandraharahana**

- Omena vahana ny indostria eto an-toerana mba hahafahany mivelatra sy mamorona asa :

  Alefahana ny hetra ; Hamoraina ny fampindramam-bola ; Entanina ny mponina hanjifa ny vita eto an-toerana ;

- Omena vahana ny orinasa malagasy vao misandratra mba hahafahany mitombo sy mamorona asa :

  Tsy mandoa hetra mandritra ny telo taona ; tohanana ara-bola sy ara-traikefa ny tetikasan'ny tanora nahavita fianarana

- Mahafa-po ny tolotrasam-panjakana[81] ho an'ny mpandraharaha sy ny mponina

  Tsy misy ny kolikoly, ary hentitra ny fanaraha-maso sy ny fanasaziana ; mangarahara ny paika arahina ; amin'ny andro sy ora fiasana manontolo no atao andraisana olona ; mangarahara ny fe-potoana hahavitan'ny taratasy atao ; mangarahara ny vola aloa ;

**Fepetra fampirisihana eo amin'nypolitikan'ny angovo :**

- Atao sahaza ny sokajim-pamokarana samihafany angovo (ny heriny sy ny vidiny) : indostria vaventy, orinasa madinika, mpanao asa tanana, mpivarotra, vondrombahoakam-paritra, tokantrano ;

*Atsangana ny "Centrales hydroélectriques" manerana an'i Madagasikara hiantohana ny famatsiana ny orinasa vaventy amin'ny vidiny mirary ; Vokarina ny "Energies Hybrides" (Eolienne + Solaire + Marine) hamatsiana ny tokantrano sy ny vondrombahoakam-paritra ary ny orinasa madinika ; Ampiasaina avokoa ny akora misy eto an-toerana (« huiles lourdes, charbon de terre, gaz, biogaz, ethanol,… »)*[82]

[80] *Mesures incitatives*
[81] *Service public de qualité*
[82] *Tovobeloha, sendikalista JIRAMA*

**Fepetra fampirisihana eo amin'ny politikan'ny fitaterana :**

Ampiroboroboana ny fitaterana mifanaraka amin'ny toe-tany :

- ampiasaina ny vatolampy anaovana lalana "pavé" ;
- havaozina ny lalamby efa misy ary mamorona lalamby vaovao ;
- mividy sambo sy manangana seranana, eny hatreto afovoantany (Ikopa, Betsiboka) ;
- manangana làlana mihantona (« routes aériennes ») ialana amin'ny fitohanana lavareny
- miasa amin'ny fanamboaran-dalana sy ny asa vaventy hafany voafonja (mikapoka vato…).

**Fepetra fampirisihana eo amin'ny politikan'ny famoronana sy ny teknolojia :**

- ampifandraisina ny fampiofanana sy ny zava-misy am-perinasa ;
- atao ny fampirisihana ny famoronana amin'ny endriny samihafa (fikarakarana fifaninanana, "foire",…) ;
- atao tomombana ny fiarovana ny zon'ny mpamorona.

**Fepetra fampirisihana eo amin'ny politikan'ny loharanom-bola hampiroboroboana ny indostria :**

- ny **FNDI** ahorina amin'ny alalan'ny :

  tahirim-bola avy amin'ny olon-tsotra ; ampahan'ny tamberim-bidy avy amin'ny fitrandrahana harena vaojanahary ; vidin'ny akora sarobidy (hazo sarobidy, volamena, harena ankibon'ny tany hafa)

- ny **Bankin'ny indostria** : tohanan'ny FNDI hahafahany manao fampindramam-bola maharitra amin'ny tahany sahaza ny indostria ;
- ny **SONAPAR** : tohanan'ny Tahirimbolam-panjakana mba hamatsy ny fanarenana ny orinasam-panjakana (Air Madagascar, JIRAMA, Raffinerie, SECREN, Soavoania, Kraoma,…) ; Avadika ho "Société Nationale" (misy ny ampahan'ny renivola avy amin'ny fanjakana, sy ny ampahan'ny renivola avy amin'ny olom-pirenena) ny orinasam-panjakana ; Atao matanjaka ny fanaraha-maso ny fitantanana.

**Fepetra fampirisihana eo amin'ny politikan'ny vola sy ny fampindramam-bola :**

- Foanana ny MID[83] fa fehezina ny tahan'ny fifanakalozana ara-bola[84] fehezina ihany koa ny fisondrotry ny vidim-piainana[85] ary ampiroboroboina ny fitombon'ny harikarena[86] ahafahana manohana ny fandraharahana rehetra
- Ampiasaina ny loharanombola anatiny ;
- Didiana ny hamerenana ny vola vahiny avy any ivelany[87] ;
- Voafehin'ny lalànan'ny varotra ny fandaniana ny vola vahiny any ivelany ;
- Averina aty Madagasikara ny harena vaojanahary navoaka an-tsokosoko : volamena, andramena,…
- Atao mifototra amina tanjona maty paika ny findramam-bola avy any ivelany ;
- Eto an-toerana ihany no hanamboarana ny vola Malagasy ;
- Arotsaka mivantana ao amin'ny Banky Foiben'i Madagasikara ny IDE[88] vao ampiasaina ;

[83] *Marché interbancaire de devises*
[84] *Taux de change*
[85] *Inflation*
[86] *Croissance*
[87] *Rapatriement des devises*
[88] *Investissement Direct Etranger*

# NY VINA SENDIKALY MOMBA NY FIRAFITRA ARA-POLITIKA SY NY FIFAMPITONDRANA

# 2

# NY VINA HO AN'NY POLITIKA SY NY FIFAMPITONDRANA

## I-VINA

***"Tsindrilentam-pahefana ny Sendikà amin'ny taona 2024, manara-maso sy manitsy ny fomba fanao politika sy ny fitantanana ary ny fifampitondrana eto amin'ny firenena mba ho fanoitra mampifanindran-dalana ny fampandrosoana ny toekarena sy ny sosialy ary ny kolotsaina.***

***Mijoro ny Andrim-panjakana faha-efatra mpanara-maso sy mpanabe momba ny fanarahan-dalàna sy ny fitsipika demokratika (mangarahara, fahalalahana, fahaleovantena, fitoviana,…). Mandrafitra azy ny solontenan'ny rafitra rehetra"***

## II-NY ZAVA-MISY MOMBA NY POLITIKA SY NY FIFAMPITONDRANA

Tsy manana finiavana hampandroso sy hanao fanovana ny mpanao politika. Mivaona ny fanabeazana ara-politika omena ny tanora.

### Ny antoko politika sy ny mpanao politika

- Maro loatra ny isan'ny antoko politika, ary tsy manana firehan-kevitra politika mazava ny ankamaroan'ny mpanao politika sy ny antoko politika ka mahatonga ny fivadibadihana palitao sy ny famitaham-bahoaka ;

- Tsy mazava ny vina hampandrosoana ny firenena ho an'ny ankamaroan'ny antoko politika : ny hampandroso ny tenany sy ny fianakaviany ary ny mpiray fihaviana aminy no imasoan'ny mpanao politika ; atao fitadiavam-bola ny fanaovana politika, ampiasaina ny fahefana hanamorana ny "business" sy hanaovana kolikoly ;

- Tsy misy adihevitra ho fampandrosoana fa ny baiko sy ny fiarovana ny tombontsoan'ny mpitarika ny antoko no masaka ao amin'ny antoko politika ; fehezin'olon-tokana na fianakaviana ny antoko, ka mahatonga ny olona hihevitra fa rehefa manam-bola sy manam-pahaizana vao afaka manao politika.

### Ny fifampitondrana amin'ny fanjakana

- Manjaka ny teny midina sy ny didy jadona amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra eto amin'ny firenena ; matetika no atao tampotampoka, ary tsy mifanaraka akory amin'ny hetahetam-bahoaka sy ny tena ilain'ny firenena ;

- Manampin-tsofina sy maso ary manakombon-tanana ny fitondrana eo anatrehan'ny fitakiana ataon'ny sendikà ; tsy alaina ny hevitry ny sendikà amin'ny fanapahan-kevitra mahakasika ny fiainam-pirenena ; raisina ho toy ny fahavalo sy mpanakorontana ny sendikà ;

- Mifangaro amin'ny mpiasa sy ny sendikà ary ny mpanao politika ny andraikitra politika tanterahan'ny sendikà ka zary mifamitaka sy tsy mifampatoky ireo ;

- Ataon'ny fanjakana sy ny mpampiasa fitaovana fampitahorana sy fanapotehana ny fitakian'ny mpiasa sy ny tolona sendikaly ny filazana fa misy ambadika sy mpanohana politika hatrany ny fitakiana sendikaly.

# III-NY FITAKIAN'NY MPIASA

Fanovana sy fanavaozana ny lalampanorenana no laharam-pahamehana voalohany tsy maintsy atao ho fampiharana sy fanatanterahana ity vina ny sendikà sy ny fitakian'ny mpiasa ity.

## Mampandray anjarany rafitra ifampitondrana

- Apetraka nyambaratongan-drafitra sy fitondrana **miainga eny ifotony** izay manome vahana ny fandraisan'anjaran'ny rehetra sy ny **tenierana** ary ny fisitrahan'ny sokajin'olona rehetra ny tombontsoa amin'ny fitombon'ny harikarena (fananan-tany sy fotodrafitrasa ary fanajariana ; fiofanana, fampanana asa, fiarovana sosialy) ; Ravana izay rafitra sy fomba fanao manome vahana ny jadona ; ialàna ny teny midina fa ifampierana daholo izany hoe fanomezana vahana ny fifanakalozan-kevitra amin'ny mpisehatra rehetra mikasika ny fampandrosoana ny firenena

- Omena ny fahefana tena izy ny **vondrombahoakam-paritra** : vola sy fahaiza-manao ary fahefana manapa-kevitra (fananan-tany sy fotodrafitrasa ary fanajariana ; fiofanana sy fampananana asa ary fiarovana sosialy) ;

- Hamafisana ny **tamberinandraikitry ny Parlemanta** amin'ny alalan'ny fanaovan'ny Solombavambahoaka tatitra sy fakan-kevitra eny ifotony ho an'ny lalàna rehetra nolaniana ;

- Hamafisana ny **tamberinandraikitry ny Governemanta** amin'ny alalan'ny fanaovan'ny Praiminisitra sy ny Minisitra tatitra an-tsoratra ho an'ny daholobe (tranokala) momba ireo fanontaniana na fanakianana nataon'ny Antenimiera ;

- Atsahatra ny tsimatimanota, ny kiantranoantrano, ny mizana tsindriana ila izay mahatonga ny fihanaky ny kolikoly ; anaovan'ny Governemanta tatitra an-tsoratra **mangarahara** ho an'ny daholobe izany sy ny ezaka vita ary ny sisa hotohizina ho hitam-poko hitam-pirenena ;

- **Mifampitohy** ny asan'ny Governemanta sy antenimiera mifandimby ;

## Mahomby ny kolotsaina sy fomba fanao politika

- Ny mikatsaka mandrakariva ny soa iombonanano soatoavina
- **Havaozina ny endriky ny antoko politika** ary ampiharana ny lalàna momba azy ireo :

  Manana firehan-kevitra sy vina mazava ny antoko politika ialana amin'ny kobaka am-bava ; Mivondrona ireo antoko politika mitovitovy hevitra ; Ampiharina ny etika politika sy ny lalàm-panorenana iadiana amin'ny fivadihana palitao (andininy faha 72 Lalàm-panorenana : tsy fahafahan'ny olom-boafidy miova antoko politika mandritra ny fotoam-piasany – « mandat impératif ») ; Hamafisana ny fepetra fananganana antoko politika : mahenika an'i Madagasikara ny antoko vao ekena ny fijoroany ; Ravana ireo tsy manaraka fepetra

- **Mifanao velirano** ny sendikà sy ny antoko politika momba : ny fanajana sy fampiharana ireo didy aman-dalàna, ary ny fanatsarana azy ireny ; ny fampitomboana ny famokarana ; ny fametrahana fanjakana tsara tantana tena izy sy ny ady amin'ny kolikoly ; ny tamberinandraikitra mba hisian'ny fitantanana mangarahara sy mahomby ;
- **Mampifidy** izay kandidà mirona amin'ny foto-kevitra ijoroany ny sendikà ;
- **Manaja ny teny nomeny** ny antoko politika sy ny mpanao politika, hialàna amin'ny famitahana lava ny vahoaka rehefa fotoam-pifidianana.

# IV-NY RAFITRA

Antoky ny fahombiazana ny fisian'ny rafitra matipaika eo amin'ny ambaratongan-drafitra. Atsangana sy ampiasaina avy hatrany ary hajaina ireo rafitra ilaina.

## *RAFITRA MPITSIRIKA SY MPANARA-MASO NY ASA*

- Mifanentana amin'ny ISAN'NY MPISEHATRASA ("population active", na ny efa tafiditra miasa na ny mbola mitady asa), ny hoenti-manatanteraka ny fitsirihana ny asa sy ny fanaraha-maso ny asa (isan'ny olona, fotodrafitrasa, fitaovana, vola, fiofanana) :
  - Mivelatra hatrany amin'ny asam-panjakana sy ny sehatra ivelan'ny fenitra ny asan'ny rafitra mpitsirika ny asa ("Inspection du travail") sy mpanara-maso ny asa (« contrôleur du travail ») ;
  - Ampitomboina ny isan'ny "inspecteurs du travail". Hamoraina ny fiakaran'ny "contrôleurs de travail" ho lasa "inspecteurs du travail" (tahan'ny « concours professionnel » – ohatra 40 % ; na araka ny fahaelana teo amin'ny asa – ohatra : mihoatra ny 10 taona) ;

- Hofanina ny "médecins inspecteurs du travail" ary tendrena hiasa eny anivon'ny Minisitera misahana ny asa ;
- Manao fanadihadiana eny ifotony ny telotonta (mpitsirik'asa, ny mpampiasa ary ny sendikà) izay vao azo ekena ny fanaovana fandroahana faobe na ara-ekonomika na koa ny fandefasana « chômage technique » ka ahitsy hifanaraka izany ny lalanan'ny asa

- Atao MANGARAHARAHA ny vokatry ny fitsirihana sy ny fanaraha-maso amin'ny alalan'ny famoahana antontanisa sy antontan-kevitra hahafahan'ny isan-tokony mandray ny andraikitra tandrify azy ; Ny INTRA sy ny INSTAT ary ny Sampandraharaha misahana ny asa no miara-manatanteraka ;
- Asiana TOMBANEZAKA iombonan'ny farimbotelo ao amin'ny CSTE, miainga amin'ny vokatry ny fitsirihana sy ny fanaraha-maso hahafahana mitady vahaolana hanatsarana ny fifampitondrana eo amin'ny tontolon'ny asa ;

## RAFITRA FIAHIANA SOSIALY

- Asiam-panavaozana ny volavola CODE DE PREVOYANCE SOCIALE 2010 ary avoaka tsy misy hatakandro :
    - ajanona ho EPIC ny sata mifehy ny CNaPS ;
    - hatsaraina ny fomba fitantanana – ampiasaina ny CSTE hanara-maso ny fitantanam-bola ;
    - hatsaraina ny fisitrahana ny fisotroan-dronno (raisina isam-bolana ny fisotroan-dronono ho an'ny mpiasa rehetra tsy ankanavaka ; ampitovina ny fomba fikajiana ny fisotroan-dronono ho an'ny mpiasa rehetra ; foanana ny "fanonerana fotsiny" fa mahazo fisotroan-dronono mifanaraka amin'ny latsakemboka kosa ny mpiasa rehetra tsy ankanavaka) ;
    - Havaozina ny lisitry ny aretina vokatry ny asa ("maladies professionnelles") ary hamorainany dingana arahina momba ny fahazoana fanonerana nohon'ny loza vokatry ny asa ("accident de travail") ;
- Misokatra ho an'ny mpiasa tena rehetra ny CNaPS – dinihina ny volavola novokarin'ny CNaPS momba izany sy ny SMIE (hitarina ny traikefa niarahana tamin'ny BIT momba izany) :
    - mandoa latsakemboka ny mpiasa tsirairay ;
    - mandoa ny anjarany mifanaraka amin'ny naloan'ny mpiasa ny fanjakana avy amin'ny hetra ;
    - ny fandoavan-ketra ataon'ny mpiasa tena no fepetra hahazoany ny fiahiana ara-tsosialy.

## *RAFITRA FAMPIROBOROBOANA NY INDOSTRIA*

- Omena hasina ny Minisitera misahana ny indostria mba ho fanoitra amin'ny fampananana asa sy ny fiharian-karena[89] ;
- Miasa ny Tahirim-pirenena ho fampiroboroboana ny indostria (FNDI) sy ny Sampandraharaha miandraikitra ny fampiroboroboana ny indostria (ANDI) ho fampiroboroboana ny indostria sy ny fampanana na asa mamokatra sy mendrika ;
- Apetraka ny fepetra iarovana ("mesures protectionnistes") ny mpandraharaha malagasy sy ny mpisehatrasa :
